# Ilay Voa Tsara Nafafy 12 Aprily 2020

**12** **Alahady**
avrily

**Nahoana no ato amin'ny maty no itadiavanareo ny velona ? Tsy ato Izy, fa efa nitsangana.**
Lioka 24. 5, 6

**Ry fahafatesana ô, aiza ny fandresenao ? Ry fahafatesana ô, aiza ny fanindronanao ?**
1 Korintiana 15. 55

**Nitsangan-ko velona Kristy**

*Vao maraina, teo amin'ny fasana,*
*Nisy vehivavy telo nihazakazaka,*
*Feno alahelo mafy,*
*Nitady ny Tompony, Izay tsy hitany.*

*Niseho tamin'ireo fo telo mitaraina*
*Ilay anjelin'ny Tompo,*
*Niakanjo akanjo fotsy,*
*Niteny hoe : aza matahotra !*

*Mitady Ilay Voahombo ianareo,*
*Saingy tsy ato Izy,*
*Satria efa nitsangana velona indray,*
*Araka ny nampanantenainy !*

*Na ny miaramila, na ny vato, na ny tombo-kase,*
*Dia tsy nisy nahatazona*
*An'i Jesosy ho ao anaty fasana mangatsiaka,*
*Fa navoakan'Andriamanitra avy tao Izy !*

*Rehefa miantso Ilay Zanak'Andriamanitra,*
*Dia ho velona tahaka Azy indray,*
*Hitafy vatana feno voninahitra,*
*Ny olomasina rehetra nodimandry.*

*Tsy manam-panindronana intsony ny fahafatesana,*
*Resy ny fasana !*
*Sambatra isika mihira hoe :*
*Voninahitra ho an'ny Tompo Jesosy !*

*(namboarina avy amina asasoratr'i M. Thorens)*